TATIRA DINGANA FAHA-3

COMMUNE URBAINE AMBOVOMBE DISTRICT AMBOVOMBE FARITRA ANDROY

FANOLORANA

Natao tao Ambovombe ny Asabotsy 27 Septambre 2014 ny dingana fahatelo izay mifototra tamin'ny hetsika tao amin'ny kaominina Ambovombe ho fampahafantarana ny fenitry ny SADC momba ny miralenta sy ny fampandrosoana.

Izany hetsika izany dia namoriana ny vondron'olona ifotony nahitana ny solon-tena avy amin'ireo mpiandraikitra ao amin'ny Kaominina, ireo mpanolo-tsaina, ny solon-tena avy eny anivon'ny fokontany, tompon'andraikitry ny mpiasam-panjakana isan-tsokajiny toy ny avy ao amin'ny ny fahasalamana, fampianarana, ny tontolo iainana sy fiarovana ny ala, mpitandro filaminana, toe-karena sy ny varotra, ny fiaraha-miombom-pirenena (OSC).

Ny fifanarahan'ny SADC momba ny miralenta sy ny fampandrosoana no hatao tari-dalana amin'ny famolavolana ny drafitrasa momba ny milalenta.

Zava-dehibe ny hahafantaran'ny kaominina sy ireo vondron'olona ifotony fa ao anatin'ny dingana hahatongavana ho ivon-toerana mendrika ny fahalalana io fifanarahana io.

FIZOTRY NY HETSIKA

Natrehan' ny Premier sy Deuxième vices président délégation spéciale (PDS) sy ny mpanolon-tsainan'ny kaominina ny fanokafana ny atrik'asa.

Rehefa vita ny teny fampidirana nataon'ny 1er vice PDS dia niroso tamin'ny fanazavana ny ivon-toerana mendrika ny mpampiofana sady mpitarika sy mpanentana ny hetsika. Natomboka tamin'ny fanazavana ny mahakasika ny "ivon-toerana mendrika mivohy ny miralenta sy ny fampandrosoana" na "Centre d'excellence" ny fiofanana , notsipihana tamin'izany ny fanasongadinana ny dingana sivy ka hatramin'ny hahatongavana amin'ny fihaonana an-tampony

Manana andraikitra lehibe eo amin'ny fanatanterahana ny drafitrasa ny kaominina ary resy lahatra ny teo anivon'ny kaominina sy ny mpandray anjara fa ny anisan'ny fanoitra lehibe ho amin'ny fampandrosoana izany.

Mahakasika ny fifanarahan'ny faritra atsimon'i afrika momba Ny miralenta sy fampandrosoana

Tanjona : Fampahafantarana ny mpandray anjara ny votoatin'ny Fifanarahan'ny Faritra Atsimon'I Afrika (F.A.A.)

- Fampahalalana ireo fitaovana hivoizana ny miralenta isam-paritra sy amin'ny firenen-tsamihafa
- Famohazana ny sain'ny mponina (izay tonga nanatrika) fa natao ho an'ny fiainan'ny vehivavy eo anivon'ny fiarahamonina sy eo amin'ny firenena ireo fitaovana ireo (fifanarahana)

Famelabelarana:

- Ny FAA izay halavaina hoe « Fifanarahan'ny faritra Antsimo ao Afrika » (SADC) dia ireo fikambanan'ny Firenena niady ny hisian'ny Miralenta sy ny Fampandrosoana eo anivon'ny Firenena. Anisan'ny zavatra niadiana ny hanaovan'ireo Firenena sonia ilay FAA na ny Protocole de la SADC izay ahitana tanjona maromaro.
- Koa satria i Madagasikara efa nanao sonia io Fifanarahana io, dia nohazavaina fa anisan'ny hirotsaka sy hiaina izany miralenta sy ny fampandrosoana izany ihany koa ny Kaominina Tsimananada. Ary dia efa nazavazava sahady ho an'ny mpizaika ny za vatra andrasana amin'ny tsirairay.
-

Adihevitra sy fizarana karatr'isa momba ny fifanarahan'ny SADC

Nisy ny fanontaniana napetraka tamin'ny mpandray anjara sy fizarana karatr'isa.

Ireto ny santionan'ny fanontaniana napetraka :

- Inona ny fanalavana ny SADC?
- Mahafantatra fifanarahana hafa mikasika ny miralenta nanaovan'ny firenenao Sonia sy nekeny ve ianao?
- Efa nanao Sonia an'ilay fifanarahana ve ny firenenao? Oviana no nanao Sonia ny firenena mpikambana ao amin'ny SADC? raha tsia dia inona no heverinao fa antony mety nahatonga izany ?

Nozaraina tarika ireo mpandray anjara ka iray isaka ny lohahevitra voalaza ao amin'ny karat'isa. Dia nanao hadihavitra mikasika ilay lohahavitra ary nanome isa hitany fa tokony ho azon'ny firenena mikasika ny lohahevitra voalaza nasaina nojereny.

Famaranana

Nizotra araka ny nantenaina ny hetsika : azon'ny mpandray anjara tsara ny fitaovana (fifanarahana) entina hiaingana handrafetana drafitrasa sy hampiarana izany eny anivon'ny kaominina Ambovombe. Mahatsapa sy resy lahatra ny amin'ny fampiharana ny miralenta amin'ny fampandrosoana eny anivon'ny kaominina.

Marihina fa liana sy navitrika ireo mpandray anjara tamin'ity dingana faha 3 ity.

Stage 3 collège sacré cœur Ambovombe